« Marathon International de Tana 2015 »

# Tsy afa-bela tamin'i Lebon mihitsy i Hajanirina

Na tany amin'ny Lalaon'ny Nosy 2011 notanterahina tany Seychelles, na ny andiany faha-15 tamin'ny "Marathon International de Tana 2015", natao teto amintsika omaly, dia mbola tsy nandresy an'ilay atleta "vétéran" renioney François Lebon hatrany i Hajanirina Andriamparany (Cosfa), tany amin'ny laharana fahatelo no nisy azy taorian'i Jean de La Croix Rakotomalala (Crown) laharana faharoa. Tao anatin'ny adiny 2 ora 29 mn 02 seg no nahavitan'i François Lebon, mbola mpitovo ary 42 taona, ny halavirandàlana 42,195km, raha 2 ora 29 mn 44 seg sy 2 ora 35 mn 19 seg kosa no nanaovan'i Jean de La Croix sy Hajanirina ny anjarany avy. Tsy nisy nino ny faharesen'ireo atleta malagasy mirahalahy ireo, indrindra fa i Haja, ny mpankafy ny hazakazaka lavitra ezaka teo am-pahatongavan'izy ireo. Nandeha moa ny resaka, teny amin'ny tokotaniben'ny lapan'ny Tanana Analakely, fa namidin'ny atletantsika ny lalao, satria kely noho ny vola noraisiny (?!) ny "primes (1.500.000 Ariary)" natolotra ny nahazo ny laharana voalohany. Rehefa nanontaniana ny fahamarinan'izany moa i Haja, dia nambarany fa reraka ny tenany ary navesatra taminy ny nanainga ny vatam-peny, kilaometatra vitsy tsy nahatongavana tamin'ny tsipiky ny "Arrivée". Nomarihan-dRtoa Norolalao Andriamahazo, Filohan'ny federasionina (F.M.A), tamin'ny resaka nifanaovana taminy, fa tsy mitombina ny fahamarinan'izany satria tsy maintsy mitady "minima (2 ora 25 mn)" ny atletantsika raha te handray anjara amin'ny "Marathon International de Paris" amin'ny volana aprily 2016, izay anisan'ny tanjona sy nofinofin'i Haja hatao indrindra ihany koa. Soritana moa fa tany amin'ny 40km, tsy nahatongavana teny Analakely, no nisongonan'i François Lebon an'i Jean de La Croix. Teo amin'ny « senior » vehivavy kosa indray dia norombahan'i Landinirina Ratianarisoa (Cospn) ny laharana voalohany (3 ora 18 mn 58 seg) , faharoa kosa i Marinah Ramananatenasoa (Cnaps : 3 ora 21 mn 26 seg) ary tafiditra fahatelo i Elysée Razafimahatratra (Cospn : 3 ora 22 mn 08 seg). Tsiahivina fa nandritra ny M.I.T 2014 dia ilay teratany kenyanina Sammy Kibet Kipkorir (3 ora 21 mn 27 seg) no nahazo ny voalohany, ary faharoa nanaraka azy i Haja (3 ora 27 mn 39 seg ) ary fahatelo kosa i Jean de La Croix (3 ora 33 mn 20 seg ).

aris rafaly